FARAN'NY HERINANDRO TEO TANY MORONDAVA

Nahatratra 1200 mahery ny olona niditra TIM

Mavitrika niditra ao anatin'ny antoko TIM: Tiako i Madagasikara ny olona any Morondava faritra Menabe. Ny faran'ny herinandro teo, nandritra ny fanetsehana sy fameloma-maso ny antoko tany andrenivohitry ny faritra Menabe, natao tao Morondava Centre, nahatratra 1200 mahery ny olona voasoratra anarana hiditra ao amin'ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity. Araka ny nambaran'ny iray amin'ireo mpitarika ity antoko ity any an-toerana, Rivojaona Raherimihaja: "mavitrika amin'ny fidirana ho mpikambana Tim ny vahoaka aty Menabe, 1200 no nahafeno ny fepetra hiditra androany ary nandoa ny sarampidirana 1000 Ar. Miandrandra ny fahatongavanao aty Andriamatoa filoha Marc Ravalomanana amin'ny kongresy Tim izay hatao tsy ho ela. Tsy nisy fizarana vola aty, fa fanangonambola ho fampandehanana ny antoko no natao", hoy ity mpanao politika ity. Arak'izany, miomana amin'ny fanatanterahana kongresim-paritry ny antoko ny any amin'ny faritra Menabe iny amin'izao fotoana, kongresim-paritra izay vinavinain'izy ireo ho tanterahana ny 4 septambra ho avy izao. Araka ny nambaran'ny mpitarika ihany, efa mahatratra 1500 mahery amin'izao fotoana ireo mpikambana amin'ny antoko TIM any amin'ny renivohitry ny faritra Menabe.

Ireo olona marobe, niditra ho mpikambana amin'ny antoko TIM ny faran'ny herinandro teo, tany Morondava.

Niaina

Fredah Andrianaivo avy amin'ny FITAMI Tanambe

Tsy misy azo antenaina amin'ny governemanta vaovao

Vahiny tao amin'ny fandaharana Miara-manonja tao amin'ny radio Mada sy ny radio sy ny televiziona MBS i Fredah Andrianaivo, filohan'ny Fikambanan'ny Tantsaha Miavo-tena (FITAMI) manana mpikambana miisa 7453, avy any amin'ny Kaominina Tanambe, Distrikan'Amparafaravola, faritra Alaotra Mangoro, omaly.

Tsy misy azo antenaina hoy izy amin'izao fitondrana izao, na dia teo aza ny fanendrena ny governemanta vaovao, izay toy ny teti-panorona, ka ny ao anatiny ihany no mifameno. Toy ny diavolankakafotra ka ny omaly tsy miova ihany. Ny zavatra tena mipaka any amin'ny olona hoy izy no andrasana toy: ny zezika, masomboly, ny fahefa-mividy. Noresahany ihany koa fa sompitr'i Madagasikara ny Faritra Alaotra Mangoro hatamin'izay, saingy ankehitriny dia efa potika ny fambolena any. Kaominina Andilana Avaratra, izay misy ny harena ankibon'ny tany, misy ny zetra izay mirefy 52000ha, faritra arovana ka araka ny "arrêté regional" dia nahena ho 45000ha izany. Misy 7000ha no iasan'ny olona hambolena, nanomboka ny taona 2005. Ankehitriny anefa dia misy mitonona ho VOI (Vondrona Olona ifotony) mitondra zandary mandroaka olona. Mihena ny rano amin'ny vanim-potoana toy izao, ka manala ahidratsy amin'ny tanim-bary ny olona, fa tsy manimba zavatra. Misy maka sary anefa izy ireo ary vao tsy ela dia nosamborina. Misy olona 8 izao no any amponja noho izany.

Noresahany ihany koa ny momba ny kariera ao Andilana izay niteraka resabe, satria dia roahan'ny mpitandro ny filaminana ny olona mitrandraka. Eo amin'ny fambolem-bary, mangataka izy mba hanetsa am-pilaminana ny tantsaha any Ampitandrefana faritra Alaotra Mangoro iny.

Fredah Andrianaivo avy any Tanambe Amparafaravola, tao amin'ny fandaharana Miara-manonja: MBS sy Radio Mada.

Stefa

Gangstabab

Sokafy amin'ny tsy mitovy hevitra amin'ny fitondrana ny RNM sy TVM

Manoloana ny fijoroan'ny governemanta vaovao tarihan'ny Praiministra Ntsay Christian, nandefa taratasy misokatr amin'ny ministry ny serasera sy ny kolontsaina i Gangstabab, na i Rakotoarisoa Faniry Alban: "hatramin'izay taona maro nisiany dia tsorina fa sahirana ireo tsy mitovy hevitra amin'ny fitondrana, raha hiditra hivahiny ao amin'ny RNM sy TVM, izay ny ministry ny serasera no tompon' andraikitra voalohany miahy izany haino aman-jerim-panjakana izany. 6 taona izay no nijoro ny APM: Antoko Politika Madia, kanefa na dia fandaharana politika iray aza tsy mba nahafahanay naneho hevitra tao, eny tsy nisy na dia interview iray monja aza tao anaty vaovao. Nitondra ny firenena nankaiza anefa izany sakana sy fangejana, na mety ho fanaovana tsindry na fitaovana politika midokadoka fitondrana ampanaovinareo ireo mpanao gazetin'ny haino aman-jerim-panjakana ireo. Inoako fa mahatakatra tsara ny tiako ambara ianao Ramatoa minisitra.

Rakotoarisoa Faniry Alban, filohan'ny antoko APM.

Ka noho izany, dia mangataka am-panajana ny hamoram-ponao lehibe izahay APM, mba hanokatra malalaka manomboka eto, ny varavaran'ny RNM sy ny TVM ho anay tsy voatery hitovy hevitra aminareo fitondrana, satria firenena iaraha-manana izy ity. Fantatsika tsara ny fisian'ireo karazana fandaharana politika samihafa ahafahana miteny toy ny Savaravina, Ady hevitra sns,..." hoy izy. Arak'izany, tokony hosokafana amin'ny rehetra tsy misy hanavahana ity haino aman-jerim-panjakana ity, arak'izao fanehoan-kevitr'ity mpanao politika tanora ity azy izao.

Stefa

Ny Valosoa sy fakafaka

Governemanta vaovao

Governemanta vaky « balle »

Asa raha dia efa inona loatra ny vintantsika malagasy, fa dia mampisitribelona mihitsy raha mijery ny ataon'ireto lazaina hoe mpitondra, fa dia toa ohatrin'ny totombintana izany isika eto Madagasikara, sendra izay mpitondra tsy mitsahatra mamoatsampona hatrany ary tsy mety lany henatra fa dia sahy manohy tsy ankiato ny kitoatoa tsy fampiseho masoandro.

MINISITRA LEFITRA HONO !

Nijoro ny governemanta fa vaovao, izay marihina kosa aloha fa antsasaky ny isan'ireo mpikambana vaovao ny isan'ireo tafaverina amin'ny toerany, 22 ireo vaovao ary 10 miampy an'Ingahy Praiminisitra dia manome 11 ireo teo aloha, fa ny mahatsikaiky dia ny fisian'ny minisitra lefitra 3 be izao, sady ireo minisitera izay azo lazaina ho minisitera madinika no nasiana minisitra lefitra, dia ny ministeran'ny tanora, ny ministeran'ny fiompiana izay nosarahina tamin'ny minisiteran'ny fambolena, ary ny tena mapme arakaa ny fitenin'ny tanora ankehitriny dia ny fisian'ny minisitra lefitra misahana ny fandrakofana ala hono.

INONA NO ATAO HOE LEFITRA ?

Tsy fantatr'izay nanangana ny governemanta ny dikan'ny hoe "lefitra", raha amin'ny teny frantsay dia "adjoint " na "vice" no dikan'ny lefitra, ka misolo toerana ilay tena tompontoerana ny lefitra amin'ny fotoana tsy mahafaka azy, ny tiana hamafisina dia mitovy ny andraikitry ny roa tonta fa ny maha samihafa azy fotsiny dia ny voalohany tompon-toerana ary ny faharoa mpisolo toerana, noho izany dia mahamenatra ny fisian'ny hoe minisitra lefitra miadidy ny fiompiana kanefa tsy misy ny minisitra tompontoerana misahana ny fiompiana, dia toy izany koa ilay hoe minisitra lefitra miadidy ny fandrakofana ala, izay hita avy hatrany ho fandanindaniampoana tsy amin'antony, tokony ho fitaleavana na sampandraharaha akory aza izany hoe fandrakofana ala izany, fa tsy hananganana minisitera.

TSY NOHENOiN-DRAJOELINA i RASOAMAROMAKA

Vao tamin'ny Zoma 06 Aogositra 2021 teo no nampiakapeo tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina iray Ingahy Governoran'ny Faritra Analamanga, nitabataba ny hoe tokony ho olona avy amin'ny Antoko Tgv avokoa hono no minisitra tendrena amin'izay dia maharaka tsara ny hafainganampandehan' Ingahy Filoha, iza anefa no tsy mahatsapa f'ilay Filoha anie, ka mitamatama arakaa ny filazan'ny Filoha Ravalomanana amin'ny fandraisana andraikitra sy fanapahankevitra, ny fiandrasana ora iray mahery tamin'ny fotoana voatondro teny andapa tamin'ny alahady teo dia manaporofo ny fitavozavozan'Ingahy Filoha, ny Governora efa voatendry dia 21 amin'ny 22, tsy mbola voatendry ny ao Betsiboka, ny any Vatovavy Fitovinany tsy mazava hoe mankaiza ilay voatendry teo aloha taorian'ny fanasarahana, ny tao Anôsy voatendry ho ministra misahana ny asa vaventy, banga koa izany ny toeran'ny governora ao, ka raha izao fitarazohan'Ingahy Filoha tamin'ny fanendrena izao dia azo antoka fa amin'ny faran'ny taona 2022 vao ho feno tanteraka ny isan'ny governora.

TSY TO-TENY KOA RAZANAMAHASOA

Tsy Ingahy Rasoamaromaka ihany no tsy nohenoin'Ingahy Filoha fa nodiany fanina koa Ramatoa Razanamahasoa sy Ingahy Naivo Raholdina, izay samy nanao angoatenda mitanisa ny hoe tokony hatao Tgv manontolo hono ny minisitra tendrena, kanefa vao tsy nanolo ny Praminisitra izay tsy Tgv Ingahy Filoha dia efa mazava fa nanampin-tsofina tamin'ireo mpiray antoko aminy.

Ny azo antoka anefa dia tsy ho sahy akory hanao fanambarana hanameloka an'Ingahy Filoha ireo Tgv bevava, fa tsy maintsy hiala ilany amin'ny hoe tena mety ny nataon' Ingahy Filoha satria noesoriny avokoa ireo minisitra nifamaly tamin'ny solombavambahoaka.

Raha ny lojika aloha dia azo lazaina ho manonofy atoandro ihany ireo mpitarika Tgv, satria tsy mahavita tena io antoko io, fa tsy maintsy mila ireo antoko hafa mpikambana ao amin'ny Mapar, ka izany no nahatonga an'Ingahy Filoha tsy nanakaton-trano, tena mety amin'izy ireo ny fisokafana ahafahana mampahomby indray ny hosoka amin'ny fifidianana manaraka.

Ny governemanta najoro dia natao hanomana fifidianana,izany no antony tsy nanesorana an'Ingahy Praminisitra, izay efa nahitan'izy ireo fahombiazana tamin'ny fifidianana feno hosoka ary ny isan'ny minisitra nampitomboina izay mazava be, fa governemanta vaky "balle", fizarana "gateau" koa no azo ilazana azy, satria ny firenena efa mahantra tokony hitsitsy ny dikany, nefa mbola nampitomboina ihany ny isan'ny ministera.

Ny Valosoa